REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA**

**FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA**
**TAONA 2024**

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

**LAHARANA FAHA-11**

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY TALATA 15 OKTOBRA 2024 KA HATRAMIN'NY ZOMA 8 NOVAMBRA 2024**

Fivoriana faha-2
Natao ny
Alarobia 16 Oktobra 2024
- Hariva -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa TOKELY Justin

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - NAHARIMAMY Lucien Irmah
- SOAFILIRA Princia

**FOTOANA:** Alarobia 16 Oktobra 2024, tamin'ny 7 ora sy 50 minitra, alina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 15 Oktobra 2024 ka hatramin'ny Zoma 8 Novambra 2024.

Nitohy ny fivorian'ny Antenimierampirenena, ny Alarobia 16 Oktobra 2024, tamin'ny 7 ora sy 50 minitra, alina.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Andriamatoa Filoha, nanambara fa efa manomboka miroso amin'ny fanaovana «digitalisation» ny Antenimierampirenena ka nanentana ny Solombavambahoaka mbola tsy nanao «empreint digitale»-ny handalo ao amin'ny "Direction du Système d'Information" (DSI) mba hanatanteraka izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Andriamatoa Filoha ary niangavy ny Mpitantsoratra hamaky ny tatitry ny Diniky ny Filoha.

Nanatanteraka izany hatrany, Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah, ka toy izao no fivakiny:

**FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY «CONFERENCE DES PRESIDENTS» NY ALAROBIA FAHA-16 OKTOBRA 2024**

Nivory ny Alarobia faha-16 Oktobra 2024 nanomboka tamin'ny 3 ora sy sasany, tolak'andro, ny "Conférence des Présidents".

Andriamatoa TOKELY Justin, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany. (cf fiche de présence)

Fiarahabana ireo mpivory rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan'Andriamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia faha-16 Oktobra 2024 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny Volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata faha-15 Oktobra 2024 ka hatramin'ny Zoma 8 Novambra 2024 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alarobia faha-16 Oktobra 2024 amin'ny 6 ora, hariva, mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

(vakiana ny tovana)

**ORDRE DU JOUR RECTIFIE**
**Pour la période du Mardi 15 octobre 2024 au Vendredi 08 novembre 2024**

**MARDI 15 OCTOBRE 2024**

11H 00: **CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA 2ème SESSION ORDINAIRE 2024 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**MERCREDI 16 OCTOBRE 2024**

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

15H 00: Conférence des Présidents - (*Salle B.P)*

16H 00: SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*
Adoption de l'Ordre du jour

**JEUDI 17 OCTOBRE 2024**

**FINALISATION DE LA CREATION DES COMMISSIONS PERMANENTES ET CONSTITUTION DES MEMBRES DU BUREAU DE CHAQUE COMMISSION PERMANENTE**

09H 00 à 10H 00:
- Commission Juridique - (*Salle des Séances)*
- Commission de l'Intérieur - (*Salle BP)*
- Commission de l'Agriculture et de l'Élevage - (*Bibliothèque)*

10H 00: **HUIS CLOS avec Madame la Ministre de l'Economie et des Finances -** (*Salle des Séances)*

11H 00 à 12H 00: **ELECTION DU PRESIDENT DE LA COMMISSION DE LA COMMUNICATION ET DE LA CULTURE** (*Salle des Séances)*

<u>14H 00</u> à <u>15H 00</u>: - Commission de l'Environnement et du Développement Durable - (*Salle B.P)*
- Commission des Affaires Étrangères –(*Bibliothèque)*
- Commission de l'Industrialisation - (*Salle des Séances)*

<u>15H 00</u> à <u>16H 00</u>: - Commission de la Sécurité Publique - (*Bibliothèque)*
- Commission de la Décentralisation et Aménagement du Territoire - (*Salle des Séances)*
- Commission de la Pêche et de l'Économie Bleue - (*Salle B.P)*

<u>17H 00</u> à <u>18H 00</u>: - Commission de l'Éducation Nationale - (*Bibliothèque)*
- Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique - (*Salle B.P)*

**<u>VENDREDI 18 OCTOBRE 2024</u>**

<u>09H 00</u> à <u>10H 00</u>: - Commission de la Santé Publique et du Planning Familial - (*Salle B.P)*
- Commission de la Population et de la Solidarité - (*Bibliothèque)*
- Commission du Tourisme et de l'Artisanat - (*Salle des Séances)*

<u>10H 00</u> à <u>11H 00</u>: - Commission du Développement Numérique, des Postes et des Télécommunications - (*Salle B.P)*
- Commission de l'Énergie et des Hydrocarbures et de l'Électrification Rurale et des Ménages - (*Bibliothèque)*
- Commission des Travaux Publics - (*Salle des Séances)*

<u>11H 00</u> à <u>12H 00</u>: - Commission des Transports et de la Météorologie - (*Salle B.P)*
- Commission du Travail, de l'Emploi et de la Fonction Publique - (*Bibliothèque)*
- Commission de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène - (*Salle des Séances)*

<u>15H 00</u> à <u>16H 00</u>: - Commission de la Communication et de la Culture - (*Bibliothèque)*
- Commission de la Gendarmerie Nationale - (*Salle des Séances)*
- Commission du Commerce - (*Salle BP)*

**<u>LUNDI 21 OCTOBRE 2024</u>**

**<u>CONSTITUTION DU BUREAU DE CHAQUE GROUPE D'AMITIE PARLEMENTAIRE</u>** - (*Salle des Séances)*

<u>09H 00</u> à <u>10H 00</u>: MADAGASCAR – USA
MADAGASCAR – COREE DU SUD
MADAGASCAR – ANGLETERRE

10H 00 à 11H 00: MADAGASCAR – THAILANDE
MADAGASCAR – INDONESIE
MADAGASCAR – SENEGAL

11H 00 à 12H 00: MADAGASCAR –FRANCE
MADAGASCAR – CHINE
MADAGASCAR – Allemagne

14H 00 à 15H 00: MADAGASCAR – MAROC
MADAGASCAR – INDE
MADAGASCAR – RUSSIE

15H 00 à 16H 00: MADAGASCAR –TURQUIE
MADAGASCAR –ISRAEL
MADAGASCAR –JAPON

16H 00 à 17H 00: MADAGASCAR –EGYPTE

**MARDI 22 OCTOBRE 2024**

10H 00: Rapport sur l'évaluation du Système National de Lutte Contre la Corruption «SNLCC» 2015-2025 présenté par la Présidente du Comité de Pilotage pour l'élaboration de la stratégie Nationale de Lutte Contre la Corruption. (*Salle des Séances)*

11H 00: Présentation du rapport de la Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme «CNIDH» devant l'Assemblée nationale. (*Salle des Séances)*

15H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission des Affaires Étrangères - (*Saisie au fond)***
- **Commission de l'Économie et de Finances - (*Saisie pour avis)***
- **Commission de l'Énergie et des Hydrocarbures et de l'Électrification rurale et des Ménages - (*Saisie pour avis)***
- **Commission Juridique - (*Saisie pour avis)***

- Projet de Loi N°013/2024 du 13 juin 2024 autorisant la ratification du statut de l'IRENA (Agence Internationale pour les Energies Renouvelables).

**FINALISATION DE LA CREATION DES COMMISSIONS PERMANENTES ET CONSTITUTION DES MEMBRES DU BUREAU DE CHAQUE COMMISSION PERMANENTE**

14H 00 à 15H 00: - Commission de l'Économie et des Finances - (*Salle BP)*
- Commission du Climat des Affaires, de la Promotion de l'Entreprenariat et des Investissements – Bi*bliothèque)*
- Commission de la Jeunesse et des Sports - (*Salle des Séances)*

15H 00 à 16H 00: - Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle - (*Salle des Séances)*

**MERCREDI 23 OCTOBRE 2024**

10H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission de l'Économie et de Finances - (*Saisie au fond)***
- **Commission des Travaux Publics - (*Saisie pour avis)***

- Projet de Loi n°005/2024 du 07 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over «Maki» croisement entre la Route «Francophonie» et le Boulevard de «l'Europe», conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)

15H 00 : TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission des Finances et du Budget - (*Saisie au fond)***
- **Commission de l'Education Nationale - (*Saisie pour avis)***
- **Commission de la Population et de la Protection Sociale - (*Saisie pour avis)***

- Projet de Loi n°006/2024 du 07 Février 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du «Projet d'autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293) – East Africa Girls'Empowerment and Résilience Program (EAGER)», conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

**JEUDI 24 OCTOBRE 2024**

**FINALISATION DE LA CREATION DES COMMISSIONS PERMANENTES ET CONSTITUTION DES MEMBRES DU BUREAU DE CHAQUE COMMISSION PERMANENTE**

09H 00 à 10H 00: - Commission des Mines - (*Bibliothèque)*
- Commission des Nouvelles Villes et de l'Habitat et de l'Aménagement du Territoire - (*Salle B.P)*
- Commission de la Défense Nationale - (*Salle des Séances)*

10H 00 à 11H 00: - Commission de la Bonne gouvernance, de la Transparence, de la Redevabilité et de la Lutte Contre la Corruption - (*Salle des Séances)*
- Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques - (*Salle B.P)*

**VENDREDI 25 OCTOBRE 2024**

10H 00: SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

- Projet de Loi n°013/2024 du 13 juin 2024 autorisant la ratification du statut de l'IRENA (Agence Internationale pour les Energies Renouvelables)

11H 00: SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

- Projet de de Loi n°006/2024 DU 07 Février 2024 autorisant la ratification de l'Accord de Prêt relatif au financement du «Projet d'autonomisation et de résilience des filles en Afrique de l'Est (PI 79293) – East Africa Girls'Empowerment and Résilience Program (EAGER)», conclu le 13 octobre 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

**LUNDI 28 OCTOBRE 2024 et MARDI 29 OCTOBRE 2024**

A partir de 08H 30: **ORIENTATION DES NOUVEAUX ELUS -** (*Salle des Séances)*

**MERCREDI 30 OCTOBRE 2024 et JEUDI 31 OCTOBRE 2024**

10H 00: **FORUM PARLEMENTAIRE DE LA SADC -** (*Salle des Séances)*

**LUNDI 04 NOVEMBRE 2024**

10H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS - (*Salle BP)*

- **Commission de la Santé Publique et du Planning Familial - (*Saisie au fond)***
- **Commission de la Population et de la Protection Sociale - (*Saisie pour avis)***
- **Commission Juridique - (*Saisie pour avis)***

- Projet de Loi n°011/2024 du 14/05/2024 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2005-040 du 20 février 2006 sur la lutte contre le VIH/SIDA et la protection des droits des personnes vivant avec le VIH/SIDA

**MARDI 05 NOVEMBRE 2024**

10H 00: SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

- Projet de Loi n°005/2024 du 07 février 2024 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over «Maki» croisement entre la Route « Francophonie » et le Boulevard de «l'Europe», conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)

11H 00: SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

- Projet de Loi n°011/2024 du 14/05/2024 modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2005-040 du 20 février 2006 sur la lutte contre le VIH/SIDA et la protection des droits des personnes vivant avec le VIH/SIDA

**JEUDI 07 NOVEMBRE 2024**

10H 00: SEANCE PLENIERE - (*Salle des Séances)*

**Ordre du Jour proposé par l'opposition**

**VENDREDI 08 NOVEMBRE 2024**

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

FICHE DE PRESENCE
**CONFERENCE DES PRESIDENTS**
**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION |
|---|---|---|
| 01 | TOKELY Justin | Président |
| 02 | ANDRIAMANANORO Razafinarivo Augustin | Vice-Président |
| 03 | MAMANGY Norbert | Vice-Président |
| 04 | SOAFILIRA Princia | Vice-Présidente |
| 05 | NAHARIMAMY Lucien Irmah | Vice-Présidente |
| 06 | FOMENDRAZA Haingo Elisette | Vice-Présidente |
| 07 | RANDRIANASOLONIAIKO Siteny Thierry | Vice-Président |
| 08 | RIVOTIANA Richard Jean Bosco | Premier Questeur |

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

| N° d'ordre | COMMISSIONS PERMANENTES | NOMS ET PRENOMS | ENTITE |
|---|---|---|---|
| 01 | Commission de la Défense Nationale | IMBIKY Herilaza | IRMAR |
| 02 | Commission Juridique | RABY SAVATSARA Ain'Harimanga Gabrielle | IRMAR |
| 03 | Commission de l'Economie et des Finances | RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard | IRMAR |
| 04 | Commission de la Sécurité Publique | NAKANY Charly Zafimagnely | INDEPENDANT |
| 05 | Commission de l'Agriculture et de l'Elevage | RAZAFINDRABARY Richard | IRMAR |

| | | | |
|---|---|---|---|
| 06 | Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique | RAZAFIHARISON Andriamanantena | IRMAR |
| 07 | Commission de l'Education Nationale | ANDRIANASOLO Andrianiaina Jean Patrick | IRMAR |
| 08 | Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle | RANDRIANANTENAINA Olivier Anthony José | FIRAISANKINA |
| 09 | Commission de la Population et de la Solidarité | MICHELLE Bavy Angelica | IRMAR |
| 10 | Commission du Développement Numérique, des Postes et des Télécommunications | RAMANANJARASOA Clarisse Eugénie | IRMAR |
| 11 | Commission de l'Energie et des Hydrocarbures et de l'Electrification | ROCHELIN Houssen | INDEPENDANT |
| 12 | Commission des Travaux Publics | TSITARA Rojers Osman | IRMAR |
| 13 | Commission du Travail, de l'Emploi et de la Fonction Publique | ANDRIANIRINA Narcis | IRMAR |
| 14 | Commission de l'Eau, de l'Assainissement et de l'Hygiène | SAORY Christian | INDEPENDANT |
| 15 | Commission de la Pêche et de l'Economie Bleue | MENAVOLO Alban | INDEPENDANT |
| 16 | Commission des Mines | RATSIMANDRIONA Aida Hardy | IRMAR |
| 17 | Commission de la Jeunesse et Sports | RATSIVAHINISOLO Andriniony | IRMAR |
| 18 | Commission de l'Environnement et du Développement Durable | RAZAFINDRAMASY Faralahy Célestin | PARTI VERT |

| | | | |
|---|---|---|---|
| 19 | Commission de la Gendarmerie Nationale | JAOZANDRY René | INDEPENDANT |
| 20 | Commission des Nouvelles Villes et de l'Habitat et de l'Aménagement du Territoire | RADAFINDRANARO Andriamanga Rijaniaina Thierry | IRMAR |
| 21 | Commission de la Bonne Gouvernance, de la Transparence, de la Redevabilité et de la Lutte contre la Corruption | VELONJARA Théophiline | IRMAR |
| 22 | Commission du Commerce | RANDRIAMANANTENA Stipio | IRMAR |
| 23 | Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques | RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny | IRMAR |
| 24 | Commission du Climat des Affaires, de la Promotion de l'Entreprenariat et des Investissements | MANASOA Donat Tang | IRMAR |

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

| N° d'ordre | GROUPE PARLEMENTAIRES | NOMS ET PRENOMS |
|---|---|---|
| 01 | IRMAR | RESAMPA André |
| 02 | GPRI | ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa |
| 03 | UPAR | RAKOTOSON Hubert |
| 04 | FIRAISANKINA | RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina |

**Représentants du Gouvernement**

- RAKOTONDRASOAVA Fetra, SG MCC
- RAMINOSOA Arozoa, DLC Primature
- ANITTA Léonce, SRI Primature

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah, tamin'ny namakiany ny famintinana ny Diniky ny Filoha, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny avy hatrany momba ny Volavolam-pandaharam-potoana novakiana teo ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka izay nangataka izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe, nanontany raha afaka manatrika ny “huis clos” hiarahana amin-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Solombavambahoaka rehetra.

Nangataka fanazavana mikasika ny “forum parlementaire” hiarahana amin’ny SADC ihany koa ny tenany amin’ny maha Solombavambahoaka vaovao azy satria mbola tsy mahafantatra ny momba izany.

Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety kosa, nanambara fa tokony hofoanana ny fandaharam-potoanan’ny Antenimierampirenena rahampitso atoandro amin’ny 11 ora satria tsy ho vita ao anatin’ny ora iray mihitsy ny fihaonan’ny Solombavambahoaka amin-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.
Nangataka ihany koa ny tenany mba ho avy hifanatrika amin’ny Solombavambahoaka ireo mpikambana ao amin’ny Governemanta mialohan’ny handinihana ny “Loi de Finances Initiale pour 2025” satria maro ny zavatra tokony hifanakalozan-kevitra amin’izy ireo momba izany.

Nanambara kosa Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, fa manjaka ny tsy fandriampahalemana ankehitriny amin’ny toerana maro manerana ny Nosy. Miaina ao anaty tahotra sy tebiteby ny vahoaka, ka nangataka ny hiantsoana manokana ny Minisitry ny Filaminam-bahoaka, ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena, ny « Ministre délégué » misahana ny Zandarimariam-pirenena ary ny Minisitry ny Fitsarana, mba ho avy eto amin’ny Antenimierampirenena hahafahana mijery vahaolana mikasika izany.

Nangataka ny hijerena manokana ny Solombavambahoaka Silamo ihany koa ny tenany satria natokana hivavahan’izy ireo ny andro Zoma ka tokony hisy fepetra horaisina mikasika izany.

Nanamarika kosa Andriamatoa MENAVOLO Alban, fa efa nanao fangatahana izy ireo tany amin’ny Diniky ny Filoha ny amin’ny tokony hanakisahana ny fotoana hananganana ny Vaomieran’ny Jono kanefa raha ny fandaharam-potoanan’ny Antenimierampirenena teo no jerena, tsy niova ny daty. Noho izany, nanamafy ny fangatahana nataony amin’ny hanemorana ny fotoana tapaka nandritry ny Diniky ny Filoha ny tenany.

Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa kosa nanambara fa tokony hifampiresaka tsara aloha ny Solombavambahoaka rehetra vao mihaona amin-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Eo anatrehan’ny tsy fahampian’ny famatsiana rano sy ny fahatapahan-jiro lavareny, nangataka ny hiantsoana ny Minisitry ny Angovo sy ny Minisitry ny Rano ary ny tomponandraikitra ao amin’ny JIRAMA ihany koa ny tenany mba hifanatrika amin’ny Solombavambahoaka satria mitaraina ary mijaly ny vahoaka raha ny fiainany andavan’andro no dinihana. Vokatr’izany, tsy afaka manao ny asany ara-dalàna ny mponina, ka izay no antony nangatahana ny fahatongavan’ireo tomponandraikitra ireo eto amin’ny Antenimierampirenena.

Raha niverina nandray fitenenana, Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe, nanamarika fa tokony hihaona amin'ny Vaomiera voakasik'ireo toe-javatra voalazan'ny namana teo ireo ny tomponandraikitra ao amin'ny Minisitera sy ny JIRAMA ary aorian'izay vao atao ny fivoriambe mba tsy hampikorontana ny fivoriana.

Andriamatoa RAPHAEL Jean François kosa nanambara fa misesy loatra ny vono olona any amin'ny Distrikan'i Sakaraha ka nangataka ny mba hiantsoana ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena sy ny « Ministre délégué » misahana ny Zandarimariam-pirenena ny tenany mba hifanatrika amin'ny Solombavambahoaka. Ny antony, mba ahafahana mijery vahaolana haingana hamahana izany. Nomarihany koa fa tsy any amin'ny Distrika nahavoafidy azy ihany no mitaraina amin'io resaka tsy fandriampahalemana io, fa saika manerana ny Nosy mihitsy.

Nangataka ny hiantsoana ny Minisitry ny Harena Ankibon'ny Tany ihany koa ny tenany satria misy tsy mazava ny resaka fitrandrahana safira any amin'ny Distrika sahaniny.

Nambarany fa mijaly ny ankizy, indrindra ireo any ambanivohitra rehefa mianatra satria maro amin'izy ireny no mbola mipetraka amin'ny tany. Noho izany, nangataka ihany koa ny hiantsoana ny Minisitry ny Fanabeazam-pirenena ny tenany mba hifanatrika amin'ny Solombavambahoaka.

Taorian'izay, namaly Andriamatoa Filoha, fa mbola hisy fotoana hatokana hihaonan'ny Solombavambahoaka amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta. Koa amin'izay fotoana izay no tsara hitondran'ny Solombavambahoaka ny feon'ny vahoaka avy any amin'ny Distrika nahavoafidy ny tsirairay. Nomarihany koa fa afaka mankany amin'ny biraon'ny Minisitra tomponandraikitra ny Solombavambahoaka raha ilaina izany.

Nambarany fa horesahana ireo Minisitra nangatahan'ny Solombavambahoaka mba ho avy eto amin'ny Antenimierampirenena, fa aleo aloha hifantoka amin'ny fandaharam-potoana androany ny mpivory.

Raha niverina nandray fitenenana, Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, nanontany ny momba ny «Loi de Finances Initiale» (LFI) ho an'ny taona 2025 satria toa mbola tsy nampidirina tamin'ity volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena ity ny daty handinihana azy. Nomarihany fa tsy ampy ny fotoana handinihan'ny Solombavambahoaka ny LFI raha tara loatra ny fahatongavany eto amin'ny Antenimierampirenena. Noho izany, nangataka ny tenany mba haroso alohaloha eto Tsimbazaza ny Volavolan-dalàna momba ny LFI ho an'ny taona 2025.

Nanao satroka, Andriamatoa MONG MANN Bismark ary nomena fitenenana ka nangataka tamin'ny mpivory ny tenany mba hifantoka amin'ny fandaharam-potoana satria lasa mivaona ny adihevitra ataon'ny Solombavambahoaka.

Nanao satroka ihany koa, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas ary nanambara fa tena maharary ny vahoaka ny resaka tsy fandriampahalemana misy ankehitriny, ka izay no antony anararaotan'ny Solombavambahoaka mandray fitenenana na dia mivaona amin'ny fandaharam-potoana aza ny teny ataony.

Satroka koa no nandraisan'Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety fitenenana ary nomarihany fa tsy ampy ny fe-potoana omena ny Solombavambahoaka amin'ny fotoana hihaonana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, ka tokony hampiana ny faharetan'ny fandraisam-pitenenana. Noho izany, nangataka ny hiantsoana ireo Minisitra voatanisan'ny Solombavambahoaka teo alohany koa ny tenany mba ho tonga eto amin'ny Lapan'i Tsimbazaza amin'ny herinandro ambony.

Andriamatoa MAMIHAJA Charlot kosa raha nomena fitenenana, nanamafy ny voalazan'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas hoe tena ilaina ny fihaonana amin'ireo Minisitra sy tomponandraikitra voatonona teo ireo satria na ny Distrika nahavoafidy azy aza amin'izao fotoana izao dia efa lasa nivadika ho faritra mena mihitsy.

Taorian'izay, namaly Andriamatoa Filoha, fa ekena ny fangatahan'ny Solombavambahoaka ary hantsoina ho tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ireo Minisitra voalaza teo ireo. Nomarihany koa fa tsy misy miova ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, fa anjaran'ny Solombavambahoaka no mandamina ny andro hivoriana satria mbola tsy fantatra izay fotoana mety hahafahan'ny Minisitra manketo amin'ny Lapan'i Tsimbazaza.

Nangataka ny hiantsoana ny Minisitry ny Indostria sy ny Varotra ihany koa, Andriamatoa IBRAHIM Issa Charles, raha nomena fitenenana, satria manana olana momba ny SECREN ny mpiasa tamin'izany orinasa izany hatramin'izao fotoana izao.

Tamin'ny satroka nataon'Andriamatoa PEPIN Michou no nangatahany ny hirosoana amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena satria mandeha ny fotoana sady lasa mivaona ny adihevitra.

Nanamafy ny voalazany teo aloha hatrany Andriamatoa MONG MANN Bismark, raha nomena satroka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTOSON Hubert, nambarany fa tokony hihaona amin-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola aloha ny Solombavambahoaka vao miresaka ny momba azy manokana.

Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina kosa nanambara fa nandefa solotena tany amin'ny Diniky ny Filoha avokoa ny Vondrona Parlemantera misy ato amin'ny Antenimierampirenena ka tokony mba hanao tatitra any amin'ny Vondrona misy azy avy ireo solotena ireo rehefa vita ny fivoriana.

Nampahatsiahy ihany koa ny tenany fa afaka manao "interpellation" amin'ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta isaky ny tapabolana ny Solombavambahoaka raha ny andininy faha-102 ao amin'ny Lalàmpanorenana no jerena.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa misy "direction technique" maro ato amin'ny Lapan'i Tsimbazaza hanazava amin'ireo Solombavambahoaka vaovao ny fomba fiasa eto amin'ny Antenimierampirenena, ka tokony hatao izany.
Nambarany koa fa ny "huis clos" no halefa mialoha rahampitso satria mety hitovitovy ny fanontanian'ny Solombavambahoaka, koa tsara raha tonga dia apetraka mivantana amin-dRamatoa Minisitra ny fanontaniana. Aorian'izay, afaka manohy ny fivoriana ny Solombavambahoaka.

Rehefa izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba Volavolam-pandaharam-potoana ny mpivory.

Nomarihany fa nisy hevitra nisongadina nandritry ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka teo ka miisa roa izany ny raharaha handraisana fanapahan-kevitra.
Voalohany, isaky ny tapabolana dia hanao "interpellation"-n'ny Minisitra ny Solombavambahoaka.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 93 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny hanaovana "interpellation"-n'ireo Minisitra isaky ny tapabolana.

Faharoa, momba ny Volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 15 Oktobra 2024 ka hatramin'ny Zoma 8 Novambra 2024.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 95 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 15 Oktobra 2024 ka hatramin'ny Zoma 8 Novambra 2024.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa RAKOTONIAINA Pety ary nanambara tamin'ireo mpanao gazety nanatrika ny fivoriana fa matoa tsy tonga mivory ny Solombavambahoaka dia matetika misy olana goavana manahirana vahany any amin'ny toerana nahavoafidy azy. Izay no antony tsy ahatongavany mivory indraindray, fa aleo hazava ny resaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nanontany raha afaka manolotra kandidà ho Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera sy Kolotsaina ny Vondrona Parlemantera GPRI satria manana olona tokony hatolotra amin'izany toerana izany izy ireo sa kandidà tokana ihany ve no hofidina rahampitso.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa afaka manolotra kandidà izy ireo ary apetraka ao amin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly ny taratasy firotsahan-kofidiana momba izany, rahampitso amin'ny 8 ora ka hatramin'ny 10 ora, maraina, mba hahafahana manomana ny fifidianana hatao.

Andriamatoa RAMANATANANA Roméo Christophe kosa raha nandray fitenenana, nangataka ny hanomezana fanofanana momba ny resaka CIAD, indrindra ho an'ny Solombavambahoaka vaovao toa azy, satria maro ny zavatra tokony ho fantatra mikasika ny fampiasana azy io.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, koa rahampitso Alakamisy 17 Oktobra 2024, amin'ny 10 ora, maraina, hisy "huis clos" hataon'ny Solombavambahoaka miaraka amin-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola. Amin'ny 11 ora, atoandro, kosa ny fifidianana izay ho Filohan'ny Vaomieran'ny Serasera sy Kolotsaina.
Koa nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba havitrika amin'ny fanatrehana ireo lahadinika ireo.

Niato tamin'ny 9 ora, alina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

**NY FILOHA**

**TOKELY Justin**